Bokin’ny mpaminany Kacou Philippe

TOKO FAHA-04: FANAZAVANA NY APOKALYPSY 2, 3, 6, 13 ary 17

(*Notorina ny alahady 20 oktobra 2002 tany Locodjro, Abidjan – Côte d’Ivoire / www.matth25v6.org*)

[…] Tsara marihina etoana fa, tahaka ny tombo-kase fito sy ny fahotana voalohany, dia nampahalalan’Andriamanitra antsika ny vanim-potoana fito avy amin’ny alalan’ny ministeran’i William Branham tamin’ny vanim-potoan’ny hariva.

Nanomboka tamin’ny nandatsahana ny Fanahy-Masina ao amin’ny Asa 2 ka hatramin’ny fampakarana, mizara fotoana na vanim-potoana fito ny Fiangonan’ny firenena. Amin’ny fotoana tahaka izao, ny Fiangonana dia hitovy amin’ny fiangonana any ananona, … Ka:

Apokalypsy 2:1-7: Vanim-potoan’i Efesosy (taona 53 hatramin’ny 170), ny mpitondra hafatr’io vanim-potoana io dia ny apostoly Paoly. Ny Fiangonana dia nokorontanin’ny mpanompon’Andriamanitra sandoka maro (2 Petera 2 ; Joda). Teraka ny fampianaran-diso anankiray, ny nikolaisma – tadidiavin-draolombelona ny toeran’Andriamanitra. Ny zava-manan’aina nivoaka dia ny Liona (Apok. 4:7), ny Teny.

Apokalypsy 2:8-11: Vanim-potoan’i Smyrna (taona 170 hatramin’ny 312), ny mpitondra hafatr’io vanim-potoana io dia i Irénée. Nandefa mpitondra hafatra maro taoriany i Andriamanitra fa izy no rain’io vanim-potoana io: Ilay Roma mpanompo sampy dia mampahory ny Fiangonana. Nesorina teny aminy ny fananan’ireo kristiana noho ny finoany. Nasaina nanatitra sorona ho an’ny sampy ireo raha tsy izany dia vonoina ho faty. Mivoaka ny Zanak’omby ho an’ny fisoronana.

Apokalypsy 2:12-17: Vanim-potoan’i Pergamosy (taona 312 hatramin’ny 606), ny mpitondra hafatr’io vanim-potoana io dia Masindahy Martin. Nahaterahan’ny fiangonana katolika. Ny balamisma dia ny fitiavana ny vola, ny aingitraingitra (Na: renty) ary ny fanompoan-tsampy. Ho an’ireo izay tia manisa ireo mpitondra hafatr’Andriamanitra ety an-tany, ny Baiboly dia milaza mazava tsara fa ao anatin’io vanim-potoana io, Andriamanitra dia hampiasa lehilahy anankiray mahatoky Azy ary io lehilahy io dia hoatao maty tahaka an’i Antipasy. Ary, ilay lehilahy izay nampahafantatra antsika ireo boky 66 ao amin’ny Baiboly dia tsy antsoina hoe Paoly, Wesley, Luther na Branham fa Eusèbe, ary alalana manokana avy amin’Andriamanitra no ahafahan’ny lehilahy anankiray manao izany ho an’i razanak’olombelona.

Apokalypsy 2:18-29: Vanim-potoan’i Tyatira (taona 606 hatramin’ny 1520), ny mpitondra hafatr’io vanim-potoana io dia i Colomban. Andriamanitra dia nibedy ny Fiangonana izay mijery ny fiangonana katolika mamitaka fotsiny ireo olona maro tahaka ny fijery ankehitriny ireo fiangonana evanjelika sy protestanta mamitaka. Nandritra ny 914 taona, nifandimby teo ireo mpitondra hafatr’Andriamanitra kalazalahy maro.

Apokalypsy 3:1-6: Vanim-potoan’i Sardisy (taona 1520 hatramin’ny 1750), ny mpitondra hafatr’io vanim-potoana io dia i Martin Luther. Mivoaka ny zava-manan’aina fahatelo, io no vanim-potoan’i Martin Luther noho ny fanamarinana avy amin’ny finoana ary an’i Jean Calvin noho ny fanendrena hatrany am-boalohany anankiroa.

Apokalypsy 3:7-13: Vanim-potoan’i Filadelfia (taona 1750 hatramin’ny 1906), ny rain’io vanim-potoana io dia John Wesley. Io no niandohan’ny fisehoan’ny fanomezam-pahasoavam-panahy. Io no vanim-potoan’i John Wesley sy Georges Whitefield. Nisara-dalana izy roa lahy momba ny fanendrena hatrany am-boalohany.

Apokalypsy 3:14-22: Vanim-potoan’i Laodikia (taona 1906 hatramin’ny …), ny rain’io vanim-potoana io, dia ny rahalahy Branham ary mifarana io vanim-potoana io aorian’ny fampahoriana ireo virjina adala. Mivoaka ny voromahery (Apokalypsy 6:7), ny Fanahin’ny mpaminany sy ny Teny. Maneho ny tenany ihany koa ny fanahin’ny dona tahaka ny mpaminany ao amin’ireo fiangonana.

FANAMARIHANA: Ireo zava-manan’aina efatra dia fitsinjarana ilay Fanahy tokana ihany isaky ny vanim-potoana. Miambina ny Fiangonana velona izy ireo (Ezekiela 1:4-12). Izy ireo dia ireo Filazantsara efatra izay miambina ny bokin’ny asan’ny apostoly na koa ireo kerobima miambina ny hazon’Aina (Genesisy 3:24) na koa ireo firenena roa ambin’ny folo, telo isaky ny an-daniny, miambina ny fiaran’ny fanekena.

IREOTOMBO-KASE FITO AO AMIN’NY APOKALYPSY 6 SY 8:1

Tombo-kase voaloha: Ny liona no miantso an’i Jaona hankany sy hizaha. Tahaka an’i Daniela, (Daniela 12:4) ny kotrokorana, ny feon’Andriamanitra (Eksodosy 19:16 / Jaona 12:28-29) dia nandika ny hevitr’ireo zavatra ireo taminy fa tsy navela hanoratra izany izy mandra-pihavin’ny faran’ny andro (Apok. 10:4). Ny kotrokorana fito eto dia ny feon’Andriamanitra izay manazava ny hevitr’ireo tombo-kase fito amin’ny fotoana fanorenana indray ireo zavatra rehetra (Laodikia). Mandroso miaraka amin’ny tsipìka ilay mpitaingin-tsoavaly saingy tsy misy zana-tsipìka izany. Mampatahotra izy saingy tsy afaka manao na inona na inona. Tsy mbola manana satro-boninahitra izy satria fanahy iray, fampianarana (Apok. 2:6): ny nikolaisma. Fa nomena ilay satro-boninahitra izy ka lasa papa, ilay antikristy. Ary noho izany dia antikristy avokoa izay filoham-piangonana maro rehetra.

Tombo-kase faharoa: Ireo biby efatra ao amin’ny Joela 1:4 sy 2:25 sy ireo mpitaingin-tsoavaly efatra ao amin’ny Apokalypsy 6 dia mitovy ihany. Ilay mpitaingin-tsoavaly iray ihany io fa miova soavaly, ministera na endrika fotsiny. Io fiangonana io taloha dia fotsy tahaka ilay tena Fiangonana fa rehefa nanomboka namono ireo olona masina izay… Ny mena dia ny ran’ireo apostoly, ireo protestanta, … kristiana miisa 68 tapitrisa no nataon’ny fiangonana katolika romana maty. Ary ny papa dia milaza ny tenany ho solontena mahatokin’Andriamanitra ety an-tany, ilay eveka ambony indrindra manelanelana an’Andriamanitra sy ireo olombelona, ilay lohan’ireo apostoly. Anarana manao blasfemia (Apokalypsy 13:1). Izy no solontenan’ny lanitra, ny tany ary ny afo fandiovana.

Tombo-kase fahatelo: Io no vanim-potoan’ny fandeferana. Tsy maintsy manome volamena sy vola hahatongavana any am-paradisa. Tsy maintsy mandoa vola mba ho voavela ireo heloka. Ny vary hordea sy ny vary tritrika = ny fiainana. Ny menaka = ny Fanahy, fa Andriamanitra nanambara azy ny tsy hanaovany ratsy amin’ireo olom-boafidy, ny tsy hanereny azy ireo

hanao "Arahaba ry Maria" na mivavaka amin'ny maty na manatitra sorona ho an'ny sampy. Nivoaka i Luther niaraka tamin'ny Hafatra hoe: *"Ny marina ho velona avy amin'ny finoana"*.

Tombo-kase fahefatra: Manomboka ny vanim-potoan'i Laodikia, ny voromahery no mivoaka hiady amin'ny fanahin'ny fanandroana. Ny loko hatsatra dia fifangaroan'ireo fiangonana maro sy ireo fahefana politika, ara-pombam-pivavahana (Na: relijiozy) ary ara-toe-karena. Fanambarana ireo ambaratongam-piovaovana telo voalohany. Satro-boninahitra anankitelo ao anatin'ny iray, loko anankitelo ao anatin'ny iray, telo izay iray an'ireo loko, ireo soavaly, ireo ministera: ny antikristy, ny mpaminany sandoka ary ny bibi-dia.

Tombo-kase fahadimy: Ho an'ny tombo-kase tsirairay, dia ny kotrokorana fito no mandika ny hevitr'ireo mystery voarakitra ao. Ohatra, ho an'ny zaza iray, Ω, Δ, ∑, sy Ψ dia zavatra nasiana tombo-kase (nafenina). Fa ilay feo izay mamaky na *"mandika ny hevitra"* ananan'ireo litera efatra ireo dia ireo kotrokorana fito. Ny kotrokorana dia feon'Andriamanitra. Hoy ny Jaona 12:28-29 hoe: *« … Dia nisy feo avy tany an-danitra nanao hæ: Efa nankalaza azy Aho, ary hankalaza azy indray. Ary ny vahoaka izay nitsangana teo ka nahare, dia nanao hæ kotrokorana izany; hoy ny sasany: Nisy anjely niteny taminy. »*. Hitanareo? Ary ny Eksodosy 19:16-17 koa milaza izany. Ny vahoaka mahare kotrokorana fa ny mpaminany kosa dia mahare teny. Inona no ambaran'ny Apok. 10:4 *« Ary rehefa niteny ny kotrokorana fito, dia efa hanoratra aho; kanjo nahare feo avy tany an-danitra, nanao hæ: Asio tombo-kase izay efa notononin'ny kotrokorana fito fa aza soratana. »* Hitanareo? Ireo kotrokorana dia feon'Andriamanitra.

Rehefa novahana ny tombo-kase voaloha, dia nambaran'ireo kotrokorana fito ny tao anatiny. Rehefa novahana ny tombo-kase faharoa, nampianarin'ireo kotrokorana fito ny dikan'ireo sary tamin'io tombo-kase io. Sahala amin'izany hatrany amin'ny tombo-kase fahenina. Ireo fanahy maro teo ambanin'ny alitara dia ireo jiosy novonoina tany Allemagne, Italie, France, URSS,… Ireo tsy nahalala afa-tsy ny lalàna koa izany no nahatonga azy ireo mitaky ny rariny raha tokony hamela heloka kosa. Ny lalàna: maso solon'ny maso, nify solon'ny nify. Voavonjy tsy toy ny jiosy izy ireo eto fa toy ireo olom-boafidy an'ireo firenena.

Tombo-kase fahenina: Ny fanamaizinana ny lanitra dia manambara ny fahakaikezan'ny fanavotana ireo jiosy tahaka ny tany Egypta. Io tombo-kase io dia mitranga ao amin'ny Apok. 11 miaraka amin'i Elia sy Mosesy izay fanaovana-jiro roa. Matio 24:4-5 (tombo-kase 1°), Matio 24:6 (ilay tombo-kase 2°), Matio 24:7 (tombo-kase 3°), Matio 24:9-13 (tombo-kase 4° sy 5°), Matio 24:29-30 (tombo-kase 6°), Matio 24:36 (tombo-kase 7°).

Tombo-kase fahafito: Avy amin'ny alalan'ny Matio 24:36 sy Apok. 8:1, no ahazoantsika fa, rehefa novahana ny tombo-kase faha-7, dia nangina ireo kotrokorana fito. Satria misy mystery maro ary ao anatin'izany ny andro ihaviany tsy tokony ho fantarina. Ity tombo-kase ity no nisy ilay teny izay tsy fantatra. Novahana tamin'ny fotoan'ny hariva izy ity fa ny fanambarana azy dia mety hifarana miaraka amin'ny Hafatry ny ora izay tsy inona akory fa ny fanambarana ny hevitr'ilay fiteny izay tsy fantara izay natao ankilabao. Ary ny mpitondra hafatry ny hariva nilaza fa ao ambadik'io fiteny izay tsy fantatra io no misy ny Pull fahatelo.

Ny ranomasina na ireo rano midika vahoaka betsaka, firenena maro, ireo fiteny samy hafa, ireo fokom-pirenena maro araka ny Apok. 17:15. Ilay bibi-dia manana loha fito sy tandroka folo dia ny fanjakana romana izany hoe ilay bibi-dia faha-4 ao amin'ny Daniela 7:2 ka hatramin'ny 12, izany no mahatonga ny marika ahafantarana ireo bibi-dia telo hafa izay efa nateliny ho hita ao aminy. Ny Daniela 7:4 dia ny fanjakana babyloniana izany hoe ilay liona, ny and. 5 dia ny fanjakana Mediana sy Persiana izany hoe ilay bera, ny and. 6 dia ny fanjakana maneran-tany grika izany hoe ilay leoparda. Ireo tandroka folo dia fanjakana folo na koa firenena folo. Ao amin'ny Apok. 13:3, efa saika ringan'ny kristianisma izy saingy niova ho mpivavaka (Na: relijiozy) dia afaka nanjaka tamin'ny tany indray. Lasa fiangonana maneran-tany ilay fanjakana jentilisa ka manome anarana ho an'ny lehilahy anankiray izay manana anarana maro fanaovana blasfemia (Na: fitenenan-dratsy, fanompana) hoe: *"solontenan'ilay Zanak'Andriamanitra ety an-tany [vicarivs filii dei], eveka ambony indrindra, ilay mpialoha lalana an'i Jesosy-Kristy, ilay mpitarika iraisam-pirenena, mpanjakan'ireo apostoly, mpandimby an'i masindahy Petera,…"* ary manao ny tenany ho tsy mety ho diso tahaka an'Andriamanitra. Ireo anarana ireo dia manompa tahaka ny hoe: metodista, batista, pentekôtista, …

Ao amin'ny Apok. 13, ilay bibi-dia ao amin'ny and. 11 dia miakatra avy tamin'ny tany, firenena anankiray mandidy izao tontolo izao tahaka an'i Roma ary ny USA (Na: Etazonia) izany. Ireo tandroka anankiroa ireo dia ny fahefana politika, ara-toe-karena sy ny fahefana ara-pombam-pivavahana. Tahaka ny zanak'ondry, io dia firenena mivavaka, mianiana amin'ny Baiboly fa manao didiko fehy lehibe tahaka ny dragona mampiasa "vétos" (Na: fanapahan-kevitra tsy azo ivalozana) etsy, mametraka "embargos" (Na: ankivy, sakana) eroa, mandefa baomba tsy nahazoana alalana tamin'ny ONU. Mampidina afo avy any an-danitra: ireo fandatsahana baomba tandrifin'i Hiroshima sy Nagasaki. Avy ao aminy no nihavian'ilay sarin'ny fiangonana katolika izany hoe ireo fiangonana protestanta sy evanjelika. Ny marika iray dia fanahy iray. Ny eo amin'ny handrina dia: manaiky, ny eo amin'ny tanana ankavanana, dia miasa ao amin'ireny fiangonana ireny. Andinony faha-17: raha misy olona tsy miasa araka ny fanahin'ny USA, dia hametrahana "veto" na "embargo" tahaka an'i Cuba, i Libye izy, dia tsy hahazo hividy na hivarotra na inona na inona amin'ny firenena hafa. Io fanahin'ny "veto" sy "embargo" io dia efa hatramin'ireo fanjakana voalohany fahagola. Resahin'ny Baiboly izany ao amin'ny 2 Mpanjaka 6:24-25. Mazava ho azy, io "embargo" io dia nahatonga mosary satria sady tsy afaka mividy na mivarotra akory. Handeha hovakiantsika izany: *« Ary, taorian'izany, Beni-Hadada, mpanjakan'i Syria, namory ny miaramilany rehetra, dia niakatra, ka nanao fahirano an'i Samaria. Dia nisy mosary lehibe tany Samaria; ary indro, nanao fahirano azy ireo, mandra-pahatongan'ny loham-boriky iray ho lafo [sekely] volafotsy valo-polo, ary ny taim-boromailala ampahefatry ny kaba ho [sekely] volafotsy dimy. »* dia ny 2 Mpanjaka 17:4-5 milaza fa ny fanjakan'i Asyria, firenena matanjaka indrindra eran-tany tamin'izany andro izany, nametraka "embargo" telo taona tamin'i Samaria. Handeha hovakiantsika ny andinony faha-5: *« Dia niakatra ny mpanjakan'i Asyria ka nanenika ny tany; ary niakatra tany Samaria izy, ka nanao fahirano azy telo taona »*. Mbola hitantsika ihany koa izany ao amin'ny 2 Mpanjaka 25:1-7, ilay "embargo" an'ny fanjakana babyloniana nanohitra an'i Jerosalema. Tsy nisy afaka nividy na nivarotra ary ny andinony faha-3 manao hoe: *« Ary tamin'ny andro fahasivy tamin'ny volana [fahefatra], dia nihamafy ny*

mosary tao an-tanàna, ka tsy nisy mofo ho an'ny olona tompon-tany. » Ary io fanahy io dia niasa avy amin'ny alalan'ny fanjakana romana mandra-paharava an'i Jerosalema tamin'ny taona 70 avy eo io fanahy io niasa avy amin'ny alalan'ny fiangonana katolika romana ary ankehitriny miasa avy amin'ny alalan'i Etazonia izy. Tamin'ny voaloha fahirano no noresahina avy eo tsy fahazoana alalana no noresahina ary ankehitriny "embargo" no resahina. Ohatra tamin'ny taonjato faha-XIV, ny papa Jean XXII dia nametraka an'i Allemagne tao ambanin'ny tsy fahazoana alalana noho ny fikomiana sy tsy fanajan'i Louis de Bavière ny papa. Tamin'ny 1347, nilavo lefona i Louis de Bavière satria i Allemagne dia nataon'ny tsy fahazoana alalana mandritra ny 25 taona niha osa, tsy afaka mividy na mivarotra.

Ary io fanahy io dia hiasa ao anatin'ireo fiangonana maro satria raha te fanampiana ofisialy na iraisam-pirenena, dia tokony ho mpikamabana ao anatin'ny fikambanan'ireo fiangonana na vondrona nasionaly na maneran-tanin'ireo fiangonana protestanta sy evanjelika. Araka ny andinony faha-8, hitantsika fa ireo *"izay tsy manana ny anarany voasoratra hatramin'ny nanorenana izao tontolo izao ao amin'ny bokin'ny fiainan'ny Zanak'ondry"* no hitoetra mandrakariva ao amin'ireny fiangonana katolika, protestanta, evanjelika, asa-misionera sy ministera ary tafiditra ao koa ireny fitambaran'ireny branhamista ireny. Eo amin'ny andinony faha-10, voalaza hoe: *"raha misy mamabo…"* ireo batista, branhamista sy ireo sasany izay mitory filazantsara. Izay ivelan'izay ataon'Andriamanitra ankehitriny, dia mamabo avokoa izay ambiny any. Mandritra ny hitadiavantsika izay hanavotana ny olona amin'ireny figadrana ara-pivavahana ireny, ny sasany kosa mitady izay handefasana azy ireo any. Mandritra ny fotoana handoroantsika ireo baiboly Tob sy Louis Segond, rizareo kosa mizara izany. Hitanareo?

Amin'ny ankapobeny, ao amin'ny fomba fiteny ara-paminaniana, ny vehivavy dia midika hoe fiangonana. Ao amin'ny Apokalypsy 17:1, io vehivavy io dia vehivavy janga, nahazo taranaka avy amin'ny lehilahy maro izy. NY Baiboly milaza ao amin'ny andinony faha-15 fa izay dia naorina manerana ireo firenena, ireo fiteny, ireo vahoaka, ireo tanàna, ireo toby,… Ireo filoham-pirenena sy ireo mpanjaka, ireo ministra sy ireo zanaky ny mpanjaka dia mihavana amin'io fiangonana io. Mipetraka eo ambonin'ny tendrombohitra fito izy: Capitol, Palentin, Cælius, Esquilin, Aventin, Quirinal ary Viminal, andinony faha-9 sy faha-12. Ny andinony faha-4 manambara ny hareny. Ny andinony faha-5 milaza fa renin'ny fiangonana janga maro izy: Ny fiangonana loterana, ny fiangonana zwingliana, ny fiangonana calvinista, ny fiangonana presbyteriana niaraka tamin'i John Knox, ny fiangonana anglikana izay fiangonana ofisialin'i Angleterre tamin'ny taonjato faha-XVI taorian'ny nisarahan'i Henri VIII tamin'i Roma, izay karazana tsikombakomba teo amin'ny katolisisma sy calvinisma. Avy eo ireo "puritains", avy eo ny fiangonana metodista nandritra ny fifohazana "Morave", avy eo etsy an-daniny, ny fiangonan'i kristy niaraka tamin'i Alexandre Campbell, ny fiangonana batista niaraka tamin'i John Smith izay nitsipaka ny batisan'ny zaza sy ilay fafafafazana (Na: tondratondrahana),… etsy an-kilany, avy ao amin'ny fifanohizana fiangonana metodista maro no nivoahan'ny fiangonana nazareana avy eo ny fiangonan'ny "pèlerins de la sainteté" avy eo ny fiangonana pentekôtista avy eo ny fiangonan'ny "assemblées de dieux" izay sampan'ny fizarana izay nitranga teo anivon'ny pentekôtista tamin'ny 1906. Nantsoina hoe *"conseil général"* aloha dia avy eo vao hoe *"assemblée de dieux"*. Ireo fiangonana tsirairay avy ireo dia nanome fisampanana maro be tahaka ny hitantsika ao amin'ireo branhamista ankehitriny.

I John Smith dia kongregasionista taloha, nivoaka avy tao amin'ny fiangonana anglikana izay ary nanao batisa ny tenany ihany avy amin'ny fanondratondrahana rano. Izy no rain'ny fiangonana batista rehetra.

Izy tsy nino hoe nisy izany fahotana voalohany izany ary nambarany fa tsy manan-keloka ireo ankizy. Izao tokoa rehefa maty i John Smith, dia i Thomas Helwys mpianany no nanorina ny fiangonana batista voalohany. Tsy adinoko i Menno Simmons, ilay pretra katolika fahiny izay mpanorina ny fikambanan'ny "mennonites" ary mpanorina indray ny fiangonana anabatista. Tokony hahalala ireo zavatra rehetra ireo ianareo mialohan'ny hidiranareo ho mpino amin'ny fiangonana iray. Raha vao diso ny fiandohan'ny fiangonana iray na diso ny mpanorina azy, dia na inona na inona ataonareo ao, dia zava-poana, dia hankany amin'ny helo ianareo. Tahaka ilay vehivavy mpahita (Na: mpanao fankatovana) manana anarana hoe Aimée McPherson izay nanorina ny fiangonana foursquare tamin'ny 1922, izay kanadiana tonga nanorim-ponenana tany Los Angeles.

Ny fanahin'ny sikidy milaza amin'ny olona fa ny vehivavy iray sy ireo rano, dia zazavavindrano izany. Fandrebireben'i Satana izany. Ny hany mba boky manonona izany hoe *"zazavavindrano"* izany dia ny bokin'i Henoka ao amin'ny toko faha-9 andinony faha-2. Nefa io boky io dia tsy nekena ho ao anatin'ireo fitambaram-boky jiosy; ka noho izany dia boky avy amin'ny devoly io… Ny vehivavy janga dia vehivavy izay tsy manambady (Na: raikitra) tokana fa tia lehilahy maro. Ireo fiangonana ireo dia tsy manana pasitera na pretra raikitra. Tonga ny iray, dia lasa iny avy eo. Tonga koa ny iray hafa, dia lasa koa avy eo. Ary ny zazasary dia mitondra ny anaran-dreniny: *"izaho dia katolika, batista, rahalahy ao amin'ny hafatra (branhamista), …"* Ny andinony faha-6: Io fiangonana io dia leon'ny (Na: mamon'ny) ran'ny olona masina, ireo kristiana antapitrisany maro izay novonoina ary gaga i Jaona noho ny nahavitan'ny fiangonana iray izany. Ny andinony faha-8 mampiseho fa ireo fiangonana ireo dia niakatra avy tamin'ny lavaka lalina, avy amin'ny alalan'ireo fanahy-masiny izay niakatra avy tamin'ireo ony (Na: renirano) sy lobolobo ary ireo ranomasina lalina mba hankanesany any amin'ny helo ary ny fahafatesana sy ny *fiainan-tsi-hita (Na: hadesy*)* manaraka azy ireo. Mitoetra ao amin'ireny ony, lobolobo sy ny sasany ireny, dia niaro ireo foko maro, vahoaka maro, tanàna maro, fianakaviana maro rizareo… Inona moa izany? Ireo dia ireo kerobima mpiaro izay nazera avy tany an-danitra fahiny. Ary ankehitriny dia ireo kerobima mpiaro ihany rizareo saingy ao ambanin'ny anarana hoe Jesosy-Kristy. Ny fiangonana, asa-misionera sy ministera tsirairay avy dia manana kerobima ho lohany: ireo filoham-piangonana maro, ireo Osborn, Benny Hinn, Yonggi Cho, … Ary ireo izay rehetra mitoriteny ao ambanin'ny ministerany dia ireo anjely maro nalan'ny rambony tamin'ny ady lehibe nifanaovan'izy sy ny arikanjely Mikaela araka ny Apok. 12. Ireo anjely izay voafitaka tany an-danitra.

Inona no lazain'ny andinony faha-16: *« Ary ny tandroka folo izay efa hitanao sy ilay bibi-dia, dia ireo no hankahala ilay vehivavy janga ka hahatonga azy ho lao sy mitanjaka, ary hihinana ny nofony sy handoro azy amin'ny afo… ».* Ary avy amin'ireo fanjakana folo izay… Angleterre, Portugal, France, Allemagne, Espagne, Autriche, Italie, Pologne, Russie sy ny sasany ireo, nisy bibi-dia ara-panahy maro nitsangana dia ny fiangonana loterana, ny fiangonana nazareana, ny fiangonana

batista, ny fiangonana metodista, ny fiangonana calvinista ary ny fiangonana presbyteriana izany ka noraitrain'ireo fiangonana katolika tamin'ny nakany ny mpikambana tao aminy ka nahatonga azy ho lao. Nihinana ny nofon'ny fiangonana katolika rizareo. Hitanareo? Ary ankehitriny, ireo tandroka folo ireo dia ny fitambaran'ny fiangonana evanjelika sy branhamista rehetra.

Handeha hiverenantsika ny andinony faha-10, ilay iray mbola eo ihany dia i Kaisara, ilay iray mbola tsy tonga kosa dia i Néron izay nanana enim-bolana nanjakana lozabe. Ireo izay mitoetra ao amin'ireny fiangonana ireny dia ho gaga fa isika kosa, mahalala isika hoe hankany amin'ny helo izy ireo. Ilay faha-8 dia ny fifandimbiasan'ny papa maro. Andinony faha-12: Ireo dia ireo filoham-pirenena maro noho izany tsy misy satro-boninahitra: Hitler, Staline, Mussolini, … Rizareo dia iray tanjona miaraka amin'ny fiangonana katolika ihany; ny iray namono ireo kristiana, ny sasany kosa namono ireo jiosy. Ilay tanàna dia ny tanànan'i Vatican.

OLONA IFANDRAISANA: Rahalahy Kacou Philippe Mailaka: kacou.philippe@yahoo.fr / Finday: +225-0252-0252
Tranokala: www.matth25v6.org na tadiavo ao amin'ny Google ny hoe: « Mpaminany Kacou Philippe »